


TORITENY - ALAHADY TRINITE MASINA - TAONA D



“Mbola manan-javatra betsaka holazaina aminareo Aho, nefa tsy zakanareo ankehitriny; fa rehefa tonga ny Fanahy fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo”

Ry kristianina havana, amin'izao Alahady manaraka ny Pentekôty izao dia asain'ny Eglizy isika hibanjina ny Trinité Masina : Andriamanitra Ray, Andriamanitra Zanaka, Andriamanitra Fanahy Masina. Hatramin'ny nanombohan'ny taona litorjika dia mibanjina ny misterin'ny fiainan'i Jesoa isika, ilay Andriamanitra Zanaka tonga nofo eto anivontsika. Natombontsika tamin'ny "Avent" izay fandraisana azy izay satria tsy Andriamanitra mikombona no Andriamanintsika. Ilay Andriamanitra tokana fa olona telo tsy mitoka-monina fa Andriamanitra nahary antsika olombelona ary isika ihany no zava-boaahary mahalala sy mahatsapa an'Andriamanitra satria nohariany hitovy endrika aminy isika. Izay fitoviana endrika izay anefa nopotehintsika

Vakiteny I : Oh. 8, 22-31

Salamo : Sal. 8

Vakiteny II : Rôm. 5, 1-5

Evanjely : Jo. 16, 12-15

tamin'ny fahotana. Isaky ny manota izany isika dia manapotika an'izay endrik'Andriamanitra ao amintsika izay ka lasa manalavitra an'izay fiombonana ao amin'ny Trinité Masina isika. Andriamanitra anefa tsy mikombona ka naniraka ny zanany lahy tokana dia i Jesoa izay nomanintsika tamin'ny "Avent" ary niandrandra

ny fahatongavany isika ka raha teraka izy dia nankalaza ny Noely isika.

Izay ny vanim-potoanan'ny Noely, teto anivontsika tokoa izy ary nampianatra, izay no nanombohantsika ny vanim-potoanan'ny Alahady tsotra mandavan-taona ka nampiditra atsika tamin'ny Karemy izay efaolo andro hiomanantsika amin' ny Paka mba hahafahantsika mandray an'izay famonjena nentin'Andriamanitra izay izany hoe miala amin'ny fiainana tsizarizary isika ka miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana dia miara-mitsangana aminy dia mahavita mijoro mamerina ny hasina maha zanak'Andriamanitra atsika satria nohariany hitovy endrika aminy isika ary i Kristy no endrik'Andriamanitra, izy rahateo no endriky ny Famindram-po. Mitsangana isika, mijoro ka velona indray ao aminy.

Mitohy ny fankalazantsika ny vanim-potoana litorjika amin'ny Fiakarana na "Ascension" sy ny Pentekôty izay manambara ny fahaterahan'ny Eglizy, manambara ny fiavian'ny Fanahy Masina manentana sy manavao atsika hahalala ny ministerin'Andriamanitra izay ao amin'ny Trinité Masina tsy iza izany fa ny Fitiavana sy Famindrampon'Andriamanitra. Anio ary Alahady fankalazana ny Trinité Masina, matetika ireo mpandalina dia sahirana amin'ny fanatoroana an'izany misterin'ny Trinité Masina izany : **Andriamanitra tokana fa olona telo**. Raha ny tena marina anefa ny fisainantsika dia tsy hahatakatra ny misterin'Andriamanitra na oviana na oviana fa i Jesoa no manambara amintsika izany misterin'Andriamanitra izany. Kanefa na eo aza izany rehetra izany fantaro fa ilay Andriamanitra tokana olona telo tsy mikombona fa mivelatra ary tokana no lahatr'Andriamanitra dia isika ho fianakaviana iray ao aminy tahaka izy tokana ao amin'ny Zanaka sy ny Fanahy Masina dia isika ho Olona Araiky ao aminy. Izany hoe na dia eo aza ny fahasamihafana, samy manana ny maha-izy azy ny Ray, samy manana ny maha-izy azy ny Zanaka, samy manana ny maha-izy azy ny Fanahy Masina kanefa iray ihany izy ireo ao amin'ny Trinité Masina fa tsy mizarazara : Olo Araiky. Izany koa no tian'Andriamanitra hiainantsika, marina fa samy manana ny maha-izy azy isika tsirairay nefa dia antsoin'Andriamanitra ho iray ao aminy satria ny tadiaviny dia isika hiombona aminy tanteraka. Tsy mety ho takatry ny saintsika izay raha ny fahendren'izao tontolo izao, izay no ampitsiahivin'ny vakiteny voalohany Ohabolana (Oh. 8, 22-31), : "Ny fahendrena dia ny



fahaizantsika miombona amin'Andriamanitra". Raha mitady hisaraka amin'Andriamanitra isika dia fahendren'izao tontolo izao dia tsy inona fa ny miverina amin'ny otan'i Adama isika. Toy izay handroso dia mirefarefa amin'ny tany, izay ny vokatry ny fahotana, hitantsika izany amin'izao andro iainantsika izao. Mbola ao anatin' ny taona masina ny Famindram-po isika ka mampitsangana atsika tokoa Andriamanitra izy no mibaby atsika (tahaka ny hitantsika amin'ny logo Famindram-po) mba hijoro isika ka hiala ao amin'ny haizin'ny fahotana ka miditra tsikelikely ao amin'ny fahazavan'ny Fanahy Masina sy ny fahazavan'i Kristy, izay no fahendrena : manaiky ny heloka ka hibaben'i Kristy isika ho ao aminy ka ny mason'Andriamanitra no masontsika. Izay koa no mbola ampatsiahivin'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa (Rôm. 5, 1-5) :

"Avy amin'Andriamanitra sy amin'ny alalan'i Kristy ary ao amin'ny Fanahy Masina no

hahazoantsika ny fahasoavana " Ka raha miala amin'ny haizin'ny fahotana isika ka omen'Andriamanitra atsika ny fahasoavany dia izay ny fahasambarana sy fiadanana ho antsika. Ampianarin'i Md Paoly ary isika fa amin'ny alalany sy miaraka aminy no mivelona ny Trinité Masina isika. Izay no ankalazaintsika isaky ny mankalaza ny Eokaristia isika.

Ny Eokaristia tsy hoe fankalazana mampikombona isika samy isika fa "communion" hiombonantsika amin'izay Trinité masina izay, mivelatra ka hahatonga atsika hivelatra amin'ny hafa ka hiombona hizara ny hafalian'ny famindrampon'Andriamanitra. I Jesoa dia mampatsiahy atsika ao amin'ny Evanjely (*Jo. 16, 12-15*) fa mety tsy ho zakantsika tokoa ny misterin'ny Trinité Masina, tsy ho azontsika izay fiainana miaraka aminy. Olo Araiky amin'Andriamanitra isika, Fianakavian'Andriamanitra isika. Raha Olo Araikin'Andriamanitra isika dia iray ao amin'i Jesoa isika ka hampianariny isika fa ny Fanahy Masina no hanamarina atsika, hanazava sy hampianatra atsika ny tena izy, ny tena fiainana dia ny fiainan'ny Trinité Masina. Ry Kristianana havana dia tsy inona fa fiainana tsy mikombona, fiainana tsy ao anatin'ny hery setra satria FITIAVANA ANDRIAMANITRA. Izay mety tsy takantsika araky ny saintsika dia mety ho takantsika araky ny fitiavana.

Ny fitiavana dia tsy inona fa manome izay maha-anao anao ny hafa ary mandray ny maha-izy azy ny hafa. Raha manome anao ny maha-anao ny hafa ianao ka mandray ny maha-izy azy ny hafa midika izany fa mikombona ianareo, izay ny fiainana ao amin'ny Trinité Masina, izay ny maha Olo Araiky atsika. Na dia eo aza ny fahasamihafana, na dia eo aza ny mety mampisaraka noho ny fahasamihafana izay dia antsoin'Andriamanitra isika ary afaka hihoatra izany fahasamihafana izany izay mety miteraka elanelana nefa ao amin'ny fitiavana tsy mahasakana izay elanelana izay fa afaka miombona tanteraka ka lasa Olo Araiky. Rehefa Olo Araiky ao amin'Andriamanitra isika dia mivelona ny Trinité Masina ka mitondra an'izay eo amin'ny manodidina atsika. Izay ny finoana, izay ny fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro vokatry ny finoana ny Trinité Masina ka miombona ao aminy.

Ry Jesoa Tompo ô Ianao tokoa no mampianatra anay fa ny Fanahy Masina no hanazava izany rehetra izany ka hahalala ny Ray izahay. Raha mahalala ny Ray dia mahalala ny fiainana, mahalala ny Trinité Masina satria ny fahalalana an'izay no mampiombona anay, tsy fiombonana mikombona fa tahaka ny fiombonan'ny Trinité Masina dia mivelatra ho an'ny hafa. Ny maha Olo Araiky anay, ny maha-Eglizy dia tsy hoe mikombona fa mivelatra. Ary rehefa mivelatra ka mandray ny rehetra dia zary fianakaviana iray ny olombelona rehetra ka ity trano iombonana ity dia ho voakolokolo sy voakarakara. Ampio ary izahay ho vavolombelon'ny famindramponao fa indrindra amin'izao taona masina izao ka ho vonona mandrakariva hanavao ny Fonay anie Ianao ka mba ho Fo vaovao mandrakariva no entinay mifandray amin'ireo manodidina anay izay no manambara fa miombona ao amin'ny Trinité Masina izahay. Amen